# Grenoble ( Frantsa )




Am-pototry ny tendrombohitra, amin'ny faritra ifaneraseran'ny kolon-tsaina maro misy mponina 20 000 no misy ny kôminôte-nay 5 mirahavavy.

Te ho endriky ny fisianan'ny Fiangonana izahay, amin'io toerana feno harenan'ny firaisian-kina fa eo ihany koa ny tsy fifan-kazoana maro : toerana ihaonan'ny olona amin'ny firenen-tsamihafa.

2 taona sy tapany izao no niasako amin'ny fitaizana zaza madinika izay ikara-karako manokana zazavavy kely iray manana fahasembanana « trizômika » ary zaza iray hafa « autiste ». Hatramin'ny 2007, anatina fikambanana iray miahy ny fianakaviana tena sahirana, mikarakara ireo ankizy manana fahasembanana na tsia aho, eo amin'ny fiainanana andavanandro.













**Eo amin'izao tontolo izao, izay sady voasaratsaraka no miandrandra ny Firaisana ho Iray dia mitady sy mikaroka ny asan'i Kristy tafatsangan-ko velona amin'ny lafim-piainanana rehetra isika.**

**(Fitsipi-piainana faha 9)**